Izay nifehy tamin'ny volana Ramadan tamin'ny Fo feno finoana sy fanantenana valisoa amin'i Allah, dia ho voafafa avokoa ireo fahotana vitany teo aloha

Tatitra azo avy tamin'i Abou Huorairah (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izay nifehy tamin'ny volana Ramadan tamin'ny Fo feno finoana sy fanantenana valisoa amin'i Allah, dia ho voafafa avokoa ireo fahotana vitany teo aloha".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mampafantatra i Mpaminany (S.A.W) fa izay nifehy mandritra ny volana Ramadany tamin'ny finoana feno an'i Allah, ary mino ny maha voadidy ny fifehezana sy izay fampanantenana omen'i Allah azy amin'ny valisoa lehibe sy ny hatsarana, nataony noho i Allah ilay Avo Tsitoha, tsy misy fireharehana na fisehosehoana, dia ho fafan'i Allah avokoa ireo fahotana rehetra izay efa lasa.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4196